REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE**
---------------------
**SECRETARIAT GENERAL**
---------------------
**COMITE POUR LA SAUVEGARDE DE L'INTEGRITE**

KOMITY MITANDRO NY FAHITSIANA
CSI
COMITÉ POUR LA SAUVEGARDE DE L'INTÉGRITÉ

# COMMUNIQUE DE PRESSE
-
# Le PNUD accompagne le CSI dans la mise en œuvre de la SNLCC 2025-2030

Antananarivo, le 06 mars 2025 – Le Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité(CSI) sous l'égide du Maitre Lala RATSIRAHONANA- Président par intérim a effectué, cette semaine, une rencontre stratégique avec le Représentant Résident du Programme des Nations Unies pour le Développement (PNUD).

Dans le cadre de la mise en œuvre de la Stratégie Nationale de Lutte Contre la Corruption (SNLCC) 2025-2030, le CSI a pris l'initiative de rencontrer le PNUD, un partenaire clé et de longue date dans la promotion de la Bonne gouvernance et la Lutte contre la Corruption à Madagascar.

La rencontre a été une opportunité pour le CSI de manifester sa reconnaissance envers leur engagement indéniable et leur soutien précieux tout au long du processus d'élaboration de la nouvelle SNLCC 2025-2030.

Grâce à l'appui du PNUD, des Experts (international et national) ont achevé l'analyse de la situation à travers un état des lieux de la corruption et un diagnostic de l'efficacité des mesures prises inscrite dans la première phase d'élaboration. A cela s'ajoute la réalisation des ateliers de concertations régionales, de la validation et la présentation du document de stratégie.

En outre, cette rencontre a également été une occasion entre les deux (02) parties d'échanger sur les perspectives de collaboration notamment dans la mise en œuvre de la SNLCC.

« *Nous nous sommes particulièrement échangés autour de la mise en œuvre de la SNLCC à savoir la vulgarisation de cette nouvelle stratégie, l'élaboration de son plan de mise en œuvre et le renforcement des systèmes d'information et du cadre juridique*. » a souligné Maitre Lala RATSIRAHONANA, le Président par intérim.

À l'issue de cette rencontre stratégique, le PNUD a réaffirmé leur volonté et leur engagement d'accompagner et surtout d'appuyer le CSI dans la mise en œuvre de cette SNLCC 2025-2030.

**FAMPITAM-BAOVAO**

**-**

**Vonona hiara-hiasa amin'ny CSI amin'ny fampiharana ny SNLCC ny PNUD**

Antananarivo, faha 06 martsa 2025, nanantanteraka fihaonana manokana tamin'ny Solontena maharitry ny Fandaharan'asan'ny Firenena Mikambana momba ny Fampandrosoana (PNUD) ny Komity Mitandro ny Fahitsiana (CSI) izay notarihin' Andriamatoa Lala RATSIRAHONANA Filohan'ny Komity Mitandro ny Fahitsiana mpisolo toerana vonjimaika tamin'ity herinandro ity.

Tafiditra ao anatin'ny fampiharana ny paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly (SNLCC) 2025-2030, nihaona tamin'ny Pnud, mpiara-miombon'antoka an-taonany maro amin'ny fampiroboroboana ny fanjakana tsara tantana sy ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara ny CSI.

Ny fihaonana niaraka tamin'ny Pnud dia fotoana iray lehibe nahafahan'ny CSI naneho ny fanakasitrahany manokana tamin'ny tantsoroka nataon'ny PNUD nandritra ny dingana rehetra nentina namolavolana ity paikady vaovao ity.

Tamin'ny alalan'ny tantsoroka izay nentiny no nahafahan'ireo manam-pahaizana manokana. iraisam-pirenena sy avy eto an-toerana, nanatontosa ny tombana sy jery todika ny ezaka efa vita teo aloha sy ny zava-misy ankehitriny eo amin'ny Ady amin'ny Kolikoly izay notanterahina teto amin'ny Firenena. Teo ihany koa ny fanohanana lehibe tamin'ny fakan-kevitra isam-paritra, atrikasa nasionaly izay nankatoavana ny Paikadim-pirenena vaovao Iadiana amin'ny Kolikoly ary ny fampahafantarana izany tamin'ny fomba ofisialy.

Ity fotoana ity ihany koa dia nahafahan'ny roa tonta nidinika momba ireo laharam-pahamehana amin'ity taona 2025 izay mifantoka amin'ny fanatanterahana sy fampiharana ny paikady vaovao.

«*Nandritra ny fihaonana no nampahafantarana ny tokony hirosoana amin'ny fampahafantarana sy fanapariahana ny SNLCC sy ny Famolavolana drafi-panatanterahana ary ny Fanamafisana ny rafitra fampahafantarana ny zava-misy manodidina ny SNLCC sy ny rafitra manaraka ny lalaàna rehetra*. » hoy ny nambaran'i Andriamatoa Lala RATSIRAHONANA, Filohan'ny CSI mpisolo toerana vonjimaika.

Tsara marihina fa ity fifanakalozan-kevitra niarahana tamin'ny PNUD ity dia nanamafy ny fanirian'izy ireo sy ny fahavononany hiara-hiasa sy hanohana ny CSI amin'ny fanatanterahana ny SNLCC 2025-2030.